FIANGONANA JESOSY MAMONJY

# Tsy mankasitraka ny fanakorontanan'ireo mpitantana teo aloha ny firaisan'ny mpitandrina

Nisy andian'olona nanakorontana ny fametrahana tamin'ny fomba ofisialy ny biraon'ny firaisan'ny mpitandrina Jesosy Mamonjy vaovao, izay notanterahina tetsy amin'ny foiben'ny fiangonana Jesosy Mamonjy Ankorondrano ny herinandro lasa teo ary nisy ireo mpitandrina naratra tamin'izany fotoana izany. Ankoatra izany, mandeha ny fanaratsiana eny anivon'ny fiangonana Jesosy Mamonjy any amin'ny faritra, fa mpanompon'ny devoly ireo mpikambana sasany ao amin'ny firaisan'ny mpitandrina Jesosy Mamonjy, izay nametraka an'ireto biraon'ny firaisan'ny mpitandrina vaovao ireto. Nilaza ny mpitandrina Tsindriniaina avy amin'ny fiangonana Jesosy Mamonjy Antsohihy, fa tsy marina ireo fanaratsiana ataon'ny mpitantana ny fiangonana Jesosy Mamonjy teo aloha ireo ary tsy mitsahatra manakorontana ireto mpitantana vonjimaika vaovao ireto izy ireo, satria efa resy tamin'ny fifidianana biraon'ny firaisan'ny mpitandrina, izay natao teny Ankorondrano ny 6 Febroary 2021 lasa teo. Araka ny fanazavan'ny mpitandrina iray avy



*Ireo avy amin'ny firaisan'ny mpitandrina, ao amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjymanerana ny Nosy.*

amin'ny fiangonana Jesosy Mamonjy Antsohihy, raha ny "Statut", na ny sata no jerena dia mpitandrina miisa 11 no nandrafitra an'io biraon'ny firaisan'ny mpitandrina io, miampy fanendrena mpitandrina 5 avy amin'ny filohan'ny firaisan'ny mpitandrina, izay manome mpikamban'ny birao miisa 16. Nanohy fanazavana ny mpitandrina Tsindriniaina avy any Antsohihy, fa banga ny toeran'ny filohan'ny firaisan'ny mpitandrina amin'izao fotoana izao, satria efa nodimandry tamin'ny volana Jona 2020 ity farany, hany ka tsy misy olona afaka hanendry an'ireo mpitandrina miisa 5 ho ao amin'ny biraon'ny firaisan'ny mpitandrina ho fanampiny an'ireo mpitandrina 11, izay hofidian'ny mpikambana. Nanapa-kevitra nanao "Referendum" ny mpikambana ao amin'ny firaisan'ny mpitandrina miisa 370 hisafidy ny fomba fametrahana ny isan'ny biraon'ny firaisan'ny mpitandrina eo anivon'ny fiangonana Jesosy Mamonjy ary napetraka ny safidy raha hijanona amin'ny famerana ny isan'ny mpitandrina ho 11, na hofenoina ho 16. Taorianan'ny "Referendum" dia nisafidy ny fandaniana an'ireo mpitandrina miisa 16 hadrafitra ny biraon'ny firaisan'ny mpitandrina ny mpikambana eo anivon'ny firaisan'ny mpitandrina miisa 355 ary tsy naharesy tosika an'izany ireo mpikambana ao amin'ny firaisan'ny mpitandrina miisa 17 ambiny, izay nisafidy ny fametrahana ny isan'ny birao ho 11. Nanazava ny mpitandrina Tsindriniaina, fa noravain'ny mpitantana teo aloha ny zotram-pifidianana rehefa tsy naharesy tosika ny safidin'ny mpikambana ao amin'ny firaisan'ny mpitandrina izy ireo ary niafara amin'izao disadisa izao ny raharaha. Marihina fa napetraky ny mpikambana ao amin'ny firaisan'ny mpitandrina hitantana vonjimaika ny fiangonana Jesosy Mamonjy ireo mpitantana teo aloha miisa 3 mirahalahy ireo rehefa nodimandry ny filohan'ny fiangonana Jesosy Mamonjy ny 20 Jona 2020 lasa teo ary efa naneho fihetsika tsy mendrika ireto mpitantana vonjimaika ireto satria nosakanan'izy telo mirahalahy ny fametrahana an'ny mpitandrina Randrianatoandro Raymond, izay filoha lefitry ny fiangonana Jesosy Mamonjy, tokony hisolo toerana vonjimaika ny filoha izay efa nodimandry. Tsiahivina fa tsy hihemotra amin'ny fametrahana ny biraon'ny firaisan'ny mpitandrina ny mpikambana ao amin'ny firaisan'ny mpitandrina Jesosy Mamonjy manerana ny nosy, izay efa tonga eto Antananarivo ary handray anjara amin'ny fandaminana ny raharaham-piangonana izy ireo, satria izany no anjara andraikitry ny firaisan'ny mpiandrina ao amin'ity fiangonana Pentekôtista ity.

**Franck Razakambelo**

Tsy fanaovana aro vava sy orona

# Zandary 2 indray nanao ny nataony nidaroka olona

Nisy zandary roa nanao ny nataony indray teny Mandrosoa Ivato distrikan'Ambohidratrimo. Zandary roa no voasazy noho ny fikasihan-tanana olona tsy nanao arovava sy orona. Izy ireo dia zandary ao amin'ny Poste Avancé Mandroso Ivato, hosaziana satria nikasitanana an' Andriamatoa Ratsimbazafy Nambinintsoa Jean Pierrot antsoina hoe Bona izay tsy nitondra arovava sy orona tamin'ny 14 febroary 2021 teny Mandrosoa Ivato. Rehefa natao ny famotorana ny andaniny sy ny ankilany dia samy nilaza, fa nisy tokoa ny fifampikasihan-tanana tamin'izy ireo noho ny fitenenan'ireo zandary an'Andriamatoa Bona ny tsy fanaovany arovava sy orona nefa be famaliana, ka izay no niteraka ny olana . Nanambara koa Andriamatoa Bona, fa tsy izy velively no nanao, na nanaparitaka fitarainana tamin'ny "publication" tamin'ny tambazotra Facebook, fa mety ny fianakaviany, izay nahazo nanatrika tao amin'ny birao. Niatrika ny famotorana an'i Bona ny Ray aman-dReniny ary nanambara, fa tsy mitory intsony ireo zandary, fa mangataka ny fitsaboana an'i Bona. Manoloana izany ny fibaikoana ny Zandarimaria isan'ambaratonga dia mandray ny fepetra, ka hosaziana arak'asa ireo zandary noho ny fitondrantena tsy mendrika nasehon'izy ireo. Hamafisina etoana anefa fa miasa ho an'ny rehetra ireny zandary ireny, ka raha nanaraka ny lalàna ny tsirairay dia tsy tokony hisy ny fifamaliana sy fifampikasihan-tanana. Fiaraha-monina mirindra no iriana, ka tsy tokony hisy ny fifandirana amin'ny tranga toy izao. Samy hahazo ny anjara saziny na ireo zandary nikasi-tanana, na i Bona tsy nanao arovava sy orona nefa be famaliana.

**Stefa**



*Bona sy ny fianakaviany tao amin'ny zandary.*

Tanimbaritsara Tsaratanana

# Mafy ny fifandonana teo amin'ny mpitandro filaminana sy ny dahalo

Miseho lany amin'izo fotoana ny asan-dahalo any amin'iny distrikan'i Tsaratanana, any amin'ny faritra Betsiboka iny. Na manao ny ataony aza ny dahalo, tsy miraviravy tanana koa ny mpitandro filaminana sy ny fokonolona. Ny faran'ny herinandro teo, nisy ny fifandonana mafy teo amin'ny miaramila avy ao amin'ny holafy faha 322 /2RM3 Ambakireny, sy ny dahalo, tany Tanimbaritsara kaominina Brieville, distrikan'i Tsaratanàna. Naharitra ora vitsy ny fifampitifirana, resy tosika ireo dahalo ary vaky nandositra. Tavela tamin'izany ny ody fampiasan'izy ireo sy omby miisa 45, izay natolotra ny zandary amin'ny fanagiazana. Tsy nisy kosa ny maty, na ny naratra tamin'izao fifandonana izao, fa nilefa ireo dahalo ny farany.

**Niaina**



*Ireo miaramila tany Tanimbaritsara Tasaratanana, sy ireo omby azon'izy ireo tany amin'ireo dahalo.*

Manjakamiadana

# Trano nirodana, nianjera tamin' ny tranon'olona hafa

Noho ny orana tato ho ato teto Antananarivo Renivohitra, trano iray no nirodana, ka nianjera tamin'ny trano hafa. Nisy trano nihotsaka ny alahady teny amin'ny Fokontany Manjakamiadana secteur Antsahondra, amin'ny tanàna ambony eto an-drenivohitra iny. Trano iray andalam-panavaozana no nianjera tamina trano hazo iray ipetrahana olona 4 mianaka. Ilay Ramatoa 40 taona irery no tao tamin'ny fotoana nianjeran'ny trano. Nifamotoana ny fokonolona nisikotra azy tao sy nitondra azy teny amin'ny toeram-pitsaboana. Efa tafaverina soa aman-tsara eny amin'ny fianakaviany izy. Arak'izany, tsy nisy ny aina nafoy, fa naratra no nisy tamin'ity loza ity. Efa mitsangana ny saina mena eny amin'iny tanàna ambony eto an-drenivohitra iny, noho ny fanahiana amin'ny mety ho fihotsahan'ny tany, na firodanana trano, na fianjerana vato ary tokony efa hiala amin'izany faritra izany aloha ireo mponina eny fa mitatao amin'izy ireo ny loza.


**Stefa**



*Ilay trano hazo nirodanana trano iray hafa, teny Manjakamiadana.*

Fianakavian'i Ferdinand

# Nankasitraka ny rehetra nanampy, nitondrana an'i Gôly Be an-tanindrazana



*Gôly Be, na Rafalimanana Ferdinand fahavelony.*

Voalevina soa aman-tsara any Mandritsara, faritra Sofia, ny nofo mangatsiakan'i Rafalimanana Ferdinand, na i Gôly Be, mpiandry tsatoby ny ekipam-pirenena Malagasy amin'ny baolina kitra, na ny Club M, tamin'ny fotoan'androny. Noho izay antony izay, nampita hafatra ny vady navelan' Itompokolahy Gôly Be, sy ny fianakaviany, nankasitraka ny rehetra nanampy, na ny tany ivelany, na ny teto Madagasikara, ka nahatonga ny razana tafaverina an-tanindrazana ary voasitrika soa aman-tsara any am-pasandrazany any amin'ny faritra Androna araka ny fanirian'i Gôly Be fahavelony. Nanoneho izany fisaorana sy fankasitrahana ny rehetra nanampy sy nanotrona azy ireo tamin'ny fampodiana ny Razana, ka hatramin'ny fandevenana azy koa ny vady navelany, sy ireo zanak'Itompokolahy: Andriamanitra manan-karem-pahasoavana anie hamaly fitia ny anareo rehetra tsy ankanavaka, hoy izy ireo.

**Ny Valosoa**